# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Aogositra 2018

# 8 Alarobia aogositra

**Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy ; iza no hatahorako ? Jehovah no fiarovana mafy ho an'ny aiko ; iza no hangovitako ?** Salamo 27. 1

**Nihevitra aho hatrizay fa mahafehy ny zava-drehetra**

„Nobeazina tao amina ankohonana kristiana aho ary nanana soatoavina kristiana, saingy mbola tsy tena nino. Nandalo fandidiana lehibe aho tamin'ny taona 1993, ka voatery nitsotra tao am-pandriana nandritra ny herinandro maro. Dia nisy zava-dehibe niseho teo amin'ny fiainako, lehibe noho ny zavatra hafa rehetra. Araka ny torohevitra namana iray mantsy, dia namaky ny filazantsara nosoratan'i Jaona aho ; ka tsapako tampoka teo fa izaho koa dia tokony hamela an'i Kristy hifehy ny fiainako !

Ankehitriny aho dia miezaka hihazona an'i Jesosy ho ivon'ny fiainako mandrakariva. Eny am-panatanjahantena, na amin'ny fotoan-tsarotra, dia averimberiko ny salamo 27 : „Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy ; iza no hatahorako ?"

Nihevitra aho hatrizay fa mahafehy ny zava-drehetra, nefa tsapako avy tamin'ny finoako vaovao fa nofinofy mamitaka izany. Tsy mahefa na inona na inona aho, raha tsy miaraka amin'i Kristy, Izay manome ny heriny ho ahy. Nandalo aretina samihafa aho, tojo tsy fahombiazana isan-karazany. Ny manampy ahy dia ny fahafantarako fa na tsy hitantsika aza ny soa azo tsoahina avy amin'ireny, Andriamanitra kosa mahita io soa io ary mahay manatanteraka azy. Rehefa mitoky amin'i Kristy, dia afaka mandroso eo amin'izao fiainana izao. Angamba ianao, ankehitriny, tena eo amin'ny toerana nisy ahy talohan'ny nahafantarako an'i Kristy, angamba mametra-panontaniana maro amin'ny tenanao. Ka tena ampirisihiko mihitsy ianao hamela an'i Jesosy hifehy ny fiainanao ankehitriny. Tsy hanenenanao mihitsy izany."

*Mary Jo Fernandez, tompondaka amin'ny lalao tennis*